Fifamaliana faty amin'ny resaka andramena

## Lava ny lisitra amin'ireo olona mbola ho samborin'ny fitondrana 2


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Talata 19 febroary 2019 Laharana 876 Vidiny : 400 Ar


**Romana 10: 1-4** 5

Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 112), Madagasikara 17 febroary 2019


www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


**Depiote TIM.K25** 2

# Mila olom-baovao sy ainga vao



**Diosezin'Antananarivo** 2

# Nampaka-peo momba ny tsy fandriampahalemana



**CUA SY NY MPIARA-MIOMBON'ANTOKA** 5

## Hatao "beton" sy havaozina ireo lakandrano manodidina an'i Besarety



**Tranga hafahafa** 6

## Fatin-jaza menavava nosavoritahin'ny alika

**Fitsinjarana ny taon-tsekoly** 6

## Efa kitoatoa hatrany am-boalohany ny taom-pianarana 2018- 2019

**Ligin'i Bongolava** 5

## Voahosotra ho tompon-daka ny AJESAIA

**Daka kely**

Toa tsy hita mihitsy ilay IEM e, fa aiza nareo ry Boaikely a !

**Eric Fou-Hehy** 6

## Mbola mila 75000 Euros amin'ny fitsaboana



DEPIOTE TIM.K25

## Mila olom-baovao sy ainga vao



Mikaon-doha fatratra amin'izao fotoana izao ireo etamazaoro politika rehetra misy eto amin'ny firenena, eny hatramin' ireo lazaina ho marefo aza, izany hoe ireo maivana ara-pototra (base). Samy mikendry mafy ny hahazo toerana eny amin'ny antenimieram-pirenena mantsy ka hahatafiditra olona eny, amin'ny faha-27 Mey ho avy izao. Ankavitsiana ihany ireo nitaraina ny amin'ny fampiakarana ny vola harotsaka ho amin'ny filatsahan-ko fidiana tao anatin'izay fotoana efa nanambarana ny amin'ny datin'ny fifidianana sy ny fisokafan'ny fanoratana anarana hirotsaka izay. Anjatony ireo antoko politika mijoro eto amin'ny firenena. Vitsy ihany anefa no azo lazaina ho matanjaka sy manana olona mpanohana sy mpikambana ao anatiny. Iray amin'izany ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM) sy ny K25, izay na teo aza ny zava-nisy tamin'ny fifidianana filoham-pirenena natao teo, izay karazany voavelin'ny kibain'ny tsy fahamarinana ihany dia mbola mijoro tsara ary vao mainka aza mihamahazo hery hatrany indray arakaraka ny fotoana. Ny tsikaritra tao anatin'izay andro maromaro izay, dia be ireo te ho kandida hirotsaka hofidiana solombavambahoaka hatolotry ny antoko. Hita tao anatin'izany ireo efa teo, izany hoe efa depioté teo aloha, ary mbola mikasa hiverina amin'izany toerana izany. Misy ihany koa anefa ireo olom-baovao izay mihevitra fa hahavita tsaratsara kokoa noho ireo teo aloha. Niaraha-nahita ny zava-nisy teny amin'ny antenimieram-pirenena sy ny teny anivon'ireo toerana na faritra nisy ireo depioté teo aloha sy ny nataon' izy ireo. Raha araka ny hevitry ny olom-pirenena maro dia ilaina ny olombaovao sy ainga vao mba hitondra hevi-baovao, tsy lany olomanga rahateo ny TIM.K25 manerana ny Nosy. Mazava loatra fa manana fomba fijery sy hevi-baovao izy ireo. Tsy tokony hisy intsony ny famerenana amin'ny toerany ireo depiote sasany hita ho tsy nahavita mihitsy ny andraikitra nandrasana taminy. Tsy tokony ho voafitaka amin'ny safidy izay hotendreny ihany koa ny tomponandraikitra voalohan'ny antoko lehibe eto amin'ny firenena ity. Ilaina ihany koa ny fitandremana satria fantatra fa misy antokon'olona manana fikendrena hafahafa mba tsy ilazana hoe ratsy mihitsy, mitady hampiditra olona eny Tsimbazaza handaniany ny lalàna tsy mendrika ny firenena. Ilaina araka izany ny olona manana ny maha izy azy sy fanta-pototra tsara, olom-baovao ny ankamaroany no hofidian'ny filoha nasionalin'ny antoko sy ny vondrona TIM.K25, Marc Ravalomanana. Amin' izay fotoana izay, tsy ny fahombiazan'ny antoko ihany no ho azo fa fahombiazana ho an'ny firenena Malagasy mihitsy.

***Sôh'son***

Diosezin'Antananarivo

## Nampiaka-peo momba ny tsy fandriampahalemana misy

Nivoaka tamin'ny fahanginany ary nampaka-peo, ny diosezin'Antananarivo, notarihan'ny Arsevekan'Antananarivo, Mgr Odon Marie Arsène Razanakolona omaly, momba ny tsy fandriampahalemana misy eto amintsika amin'izao fotoana. Nitafa tamin'ny mpanao gazety ireto anisan'ny mpitarika ny Ekar eto Antananarivo sy ny manodidina ireto, nambarany fa hitory ny Diosezy momba ny namonoana an'ilay Mompera maty nisy nitifitra teny



Mahitsy. Famonoana niniana natao iny hoy Mgr Odon Marie Arsène Razanakolona, satria mbola afaka nitantara ny zavatra nihàtra taminy ity Mompera voatifitra ity, satria tsy mbola maty teo no ho eo izy fa mbola notsaboina teny amin'ny Clinique nandritra ny 4 andro, afaka niresaka ary mbola afaka nitantara tsara ny fanafihana nataon'ireo jiolahy azy. Nandeha moto ity Mompera ity, najanon'ireo jiolahy, nangatahany vola nefa tsy nanome ity Pretra ity, ka notifirin'ireo jiolahy tao amin'ny lamosiny. Notsindrian'ireo mpandahateny nandritra izao valan-dresaka tamin'ny mpanao gazety izao fa misy ny fitavozavozana amin'ny fitandroana ny filaminana sy ny fandriampahalemana eto amintsika ankehitriny. Momba izao tsy fandriampahalemana miseho lany eto amin'ny firenena izao, efa nisy ny lakolosy fanairana nataon'ny Fivondronamben'ny Eveka eto Madagasikara ary nanamafy izany ny Diosezy omaly io.

***Isambilo***

Liva avy amin'ny KMFB

## Andrasana izay sahy hijoro ho tena mpanohitra

Efa ho iray volana sahady izao no lasa taorian'ny fianianana nataon' Andriamatoa Andry Rajoelina teny Mahamasina, hoy i Liva avy amin' ny KMFB (Komity Miaro ny Fiainam-bahoaka). Dodona ary tena sasamiandry ny fanovana sy ny fampandrosoana haingana nolazaina taminy ny vahoaka malagasy. Hatreto anefa aloha dia tsy mbola hita mangirana na dia kely aza ny asa sy ny fomba hanatanterahana izany. Etsy an-daniny, samy manana ny hevitra ijoroany ihany avokoa ireo antoko pôlitika maro sy mijoro eto amin'ny firenena. Maro ireo efa nanao fanambarana hifanome tanana sy hiarahiasa amin'ny fitondrana ankehitriny. Ao ihany koa ireo sady tsy hiara-hiasa no tsy mbola hanohitra aloha fa hitazana fotsiny vao handray fanapahankevitra aoriana. Na izany aza, efa nisy ihany koa ireo efa nanao fanambarana fa hijoro ho mpanohitra ny fitondrana. Antoko pôlitika efa fantatra hatramin'ny ela fa tsy manam-bahoaka no sady tsy manan-kevitra matotra ijoroana loatra ihany koa izy ireo. Ny tena mampanahy aza dia mety ny fitondrana mijoro ankehitriny ihany no miara-miasa amin'izy ireny sy manosika azy ireo haka ny toeran'io mpanohitra io. Tsy misy aloha izany hatreto ny antoko pôlitika tena sahy hijoro hanohitra izao fitondrana izao. Na tiana mantsy na tsy tiana, dia mazava fa kajikajy pôlitika avokoa ny anton' izany. Fitadiavam-bola, tombontsoan'ny antoko, fiarovana ny fananan'ny tena manokana no anton'izany. Ny tena mpanohitra mantsy dia tokony hanana foto-kevitra mazava. Manara-maso ny velirano nataon'ny filoha, manara-maso ny fiavian'ny vola hanatanterahana izany asa izany, miaro ny tanindrazana sy ny harem-pirenena tsy ho robain'ny vahiny, noho ireo fifanarahana nataon'ny mpitondra tamin'ny vahiny tany ho any, miaro ny tombontsoan'ny vahoaka malagasy aloha vao ny vahiny. Santionany ihany ireo fa maro ny foto-kevitra tsy maintsy ijoroana raha te ho tonga amin'izany toeran'ny mpanohitra izany. Mametra-panontaniana noho izany Andriamatoa Liva hoe : Hisy ary ve ny antoko pôlitika tena sahy hijoro ho mpanohitra sa dia avela ho gaboraraka sy hanao izay tiany atao ny mpitondra fanjakana mijoro ?

***Nangonin'Isambilo***

*Ny Valosoa sy fakafaka*

Fifamaliana faty amin'ny resaka andramena

## Lava ny lisitra amin'ireo olona mbola ho samborin'ny fitondrana

Mananontanina any ho any ny fisamborana manara-penitra faobe satria araka ny feo miely etsy sy eroa, sy ny vaovao voaray dia olona maherin'ny 60 eo indray no mbola ao anatiy listr'ireo hosamborin'ny fitondrana mahakasika ny raharaha andramena na bois de rose. Voalaza fa isan'ny nanondrana ity hazo voarara sy sarobidy ity avokoa izy ireo, na tamin'ny fotoanan'ny tetezamita nitondran'ny mpnongam-panjakana Andry Rajoelina izany, na tamin'ny andron'ny filoha Hery Rajaonarimampianina ary amin'izao fotoana izao koa. Ny mahavariana amin'ity raharaha ity dia ireo anisan'ny mpanondrana andramena indray no toa misambotra ankehitriny . Iza no tsy nahalala teto fa tamin'ny fotoanan'ny Tetezamita ange no tena nanjakan'ny gaboraraka tamin'ny fanondranana ny harem-pirenena teto! Nalaza mihitsy fa tsy nisy ary tsy nahazo famatsiam-bola mivantana i Madagasikara fa dia ny harena teo am-pelatanana no namidy an-tsokosoko nampandehanana ny fiainam-pirenena. Vola avy aiza avokoa no nolanian'ny kandida nampiasainy tamin'ny fampielezan-kevitra. Nirarakopana ny vola tamin'ireny fotoana ireny. Efa nisy ny olona voasambotra ary voalaza fa resaka fanondranana andramena no nanenjehana azy . Tsy fantatra intsony izay tena marina fa dia samy mirirotra izay heveriny fa mahamety azy avokoa ny rehetra . Ao ny milaza fa tompon'antoka tokoa ireo olona voasambotra ireo. Ny ministry ny serasera teo aloha dia efa nanao ampamoaka nanambara fa ireo ao anatin'ity fitondrana ankehitriny ity no tena ati-doha nikotrika tamin'ny fanondranana andramena teto. Vavolombelona ny tenany tamin'ireny ary isan'ny nahita sy mahafantatra tsara ireo olona tena mpanondrana andramena teto amin'ny firenena. Ao ny mahatsikaritra fa toa mamofompofona vaalifaty politika izy ity. Tsy vitsy koa ny mieritreritra fa hatao hazalambo ireo tsy mitovy hevitra amin'ny fitondrana. Azo lazaina koa anefa fa izay olona manelingelina rehetra dia ampanginina amin'ny alalan'ny fisamborana sy ramahatahora mba tsy hanakatsakana ny fanondranana harem-pirenena ataon'ireo tompon'ny fahefana. Ny zavatra tsapa aloha ankehitriny dia tena mitrifana ny fanjakana mampihàtra izay fahefana eo am-pelatanany, fa hatramin'izao toa ny trondro madinika ihany no mbola tena mahita faisana, aleo koa ireo tena goaibe matory sy mihinana milamina izay remby efa azony ho anisan'izany koa, ary tsy tokony hisy fanavahana fa rehefa nanao dia nanao, na tamin'ny tetezamita, na tamin'ny fitondrana teo aloha, na ny amin' izao fitondrana izao.

***Rajaonarimpanontsana***

Jirama sy ny ministera

## Tsy fahampian-drano hono no mahatonga ny delestazy

Manoloana ny delestazy lavareny tao ho ao, tsy teto Antananarivo sy ny manodidina ihany, fa manerana ny Nosy mihitsy. Ho famahana izany olan'ny fahatapatapahan'ny herinaratra izany, nandray fepetra niaraka ny Ministeran'ny Angôvo, ny Rano, ary ny akoranafo sy ny mpitantana ny orinasa Jirama, nanomboka ny sabotsy lasa teo, fa hampitomboina avo roa heny ny solika ampiasaina amin'ireo foibem-pamokarana herinaratra mampiasa solika eto amin'ny tambazotra iraisan'Antananarivo (RIA). Izany no natao dia mba hanonerana ny tsy fahampian'ny famokarana herinaratra vokatry ny tsy fahampiandrano amin'ireo foibe mpamokatra herin'aratra ao Andekaleka, Mandraka, Antelomita, Sahanivotry, Tsiazompaniry ary Manandona, ka nitarika ny delestazy tato ho ato. Ho famahana maharitra izany olana izany, hanome alalana ny Jirama ho afaka manafatra solika mivantana any ivelany ny fitondrana. Ny an'ny kaompanian-tsolika eto aza tsy voaloan'ny Jirama ny trosan'izy ireo matetika, izay vidiana amin'ny Ariary, koa mainka fa ny solika avy any an-dafy hovidiana amin'ny dolara, mety tsy ho voaefan'ity orinasa stratejika ity izany, sady ny fanaovana izany rahateo dia famoahana vola vahiny be ho an'ny firenena.

***Helisoa***

## Ny Valosoa sy hadihady

# Solombavambahoaka TIM : misy ny nahavita, misy ny tsy nahavita

Mifantoka amin'ny fifidianana solombavambahoaka ho tanterahina ny 27 Mey 2019 indray ny politisiana, sy ny antoko politika eto mahomboka izao. Raha ny marina dia efa fantatry ny vahoaka ireo nisandoka fa nisolo vava azy ireo nandritra ny dimy taona lasa kanefa tsy nisy tambin'andraikitra niverina tany aminy na kely aza, fa sady voavidin'ny malety no ningitrika foana ireo depiote. Nifarana ny 5 Febroary 2019 lasa teo ny fepotoana niasan'ny depiote lany tamin'iny Repoblika IV andininy voalohany iny ary mbola hita taratra tamin'ny fivoriana tsy ara-potoana farany nandaniana ilay lalàna manome fahefana ny filohan'ny Repoblika IV amin'izao fotoana izao hitantana ny Firenena amin'ny alàlan'ny didy hitsivolana fa ny ankamaroan'ireo depiote 151 dia tena tsy nanana hazondamosina mba nitsipaka izany fanomezampahefana izany. Sady mandidy no manapaka ary mihinana ny filohan'ny Repoblika ary azo inoana fa na ho hitan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana (HCC) aza fa tsy mifanaraka amin'ny Lalàmpanorenana aza ny didy hitsivolana havoaka dia tsy hanan-kambara intsony izy. Ho hita eo raha mifanaraka amin'izany lalàna fototra izany ny fikasan'ny filohan'ny Repoblika hanendry governora isaky ny faritra sy ny hampitombo ny Faritra ho teloambiroapolo. Tsy ilàna fahaizana manokana momba ny lalàna izany fa raha olompirenena avara-pianarana dia efa afaka maneho ny heviny koa, angamba, tsy hanaiky ny hanaovana bontolo eo amin'ny fitantanana ny fiainam-pirenena ny tia tanindrazana. Niaraha-nahalala ihany koa fa kandidà 36 no nirotsaka tamin'ny fifidianana ho filohampirenena ary hita tamin'ny vokatra azon'ny tsirairay fa tsy nisy nahatafaverina ny antoka dimampolo tapitrisa ariary ankoatry ny kandidà roa niatrika ny fihodinana faharoa ihany. Tamin'ny fihodinana faharoa dia samy nanohana izay kandidà noheverina fa manana vina tena hampandroso ny Firenena ireo tsy lany. Nisy ihany koa moa ireo tsy nanohana na iza na iza satria, angamba, nihevitra fa ny vinany ihany no mety hahatafavoaka ny Firenena amin'izao loza mianjady aminy izao. Iretsy voalohany kosa dia mihevitra fa tsy misy hafa tsy ny famondronana ny hery ihany no làlan-tokana hivoahana amin'izao fahantrana sy fahoriana iainana izao. Misy tokoa antoko na olon'antoko mihambo ho hampian-tafika, tsy hampian-tafika ka tsy manaiky ny hanitsahan'ny hafa ny faritry ny lazainy fa efa azy. Tsy azo lavina anefa fa matoa samy miaiky fa tsy vitan'ny hambo sy ny hadedahana ny ady hatrehana, ka ilaina ny mamondrona hery, indrindra amin'izao vanim-potoana sy toe-draharaha misy izao. Manaporofo izany ny namondronan'ny kandidà Ravalomanana Marc ny vahoaka nanohana azy tamin'ny fihodinana faharoa (TIM, KMMR, Zanak'i Dada) tao amin'ny K25. Ho fiatrehana ny fifidianana solombavambahoaka dia nanangana ny vovonana (plateforme) indray ny K25 dia ny vondrona TIM.K25 noho ny fahatsapany fa ady no hatrehina ary tsy azo ekena itsony ny fiheveran-tena ho tsy azo ihodivirana foana (incontournable) eo amin'ny fari-piadidiana misy ny tena, na ny fiheverana fa ampian-tafika, tsy ampian-tafika ny antokon'ny tena ka tsy mila ny hafa izay mba mitady izany famondrona-kery izany. Raha ny feo avy any amin'ny fototra ihany koa ho an'ny antoko TIM dia tsy vitsy no mitaraina momba ireo depiote teo aloha, tsy nanao izay tokony ho nataony, tsy niraharaha ny fototra ny sasany amin'izy ireo. Misy aza ny resy teo amin'ny fokontany misy azy tamin'ny fifidianana filohampirenena fihodinana voalohany sy faharoa ireny. Ny toa izany dia efa tsy mendrika ny ho kandidàn'ny TIM.K25 intsony, tsy lany olona rahateo ity antokon'i Dada ity koa dia manantena olom-baovao maro ny fototra amin'io fifidianana depiote ho avy io. Ny politisiana ao anatin'ny fitondrana na mpanohana azy no sahy mirehareha sy mihevi-tena ho tsy maintsy mbola handresy ka manambany sy manao tsinontsinona ny herin'ny mpifanandriana aminy. Tsy ho voafitaka amin'izany, angamba, ny TIM.K25 ka hanaraka izay tapakevitra nifanaovana tao amin'ny vovonana ka tsy hatoky tena fa hiverina any amin'ny fototra sao ho diso fanantenana sy handiso fanantenana ny mpiaradia, omeo lanja ny feon'ny fototra hoy ny maro.

***Andry Tsiavalona***

Samifin sy ny andramena

## Toa mbola tsy hitany ny loharanombola sy ny famotsiambola avy aminy



Tsara ary hita fa manao ezaka ny fanjakana amin'ny famongorana ny tsy maty manota amin' ny fanondranana harempirenena. Ny fanadihadiana nataon'ny Bianco (Birao Mahaleotena momba ny Kolikoly), momba ireo fandikandalàna fototra (fanondranana antsokosoko', kolikoly', fanapahana hazo sarobidy ny fitaterana ), no nahafahan'ny "Chaine spécialé de lutte contre le trafic de bois de rose" nandray fanapahan-kevitra hampiditra amponja vonjimaika ireo voarohirohy. Ny fanontaniana izay tokony mbola hipetraka anefa dia ny heloka toy ireny dia tsy maintsy nisy ny vola niasa sy ireo mpampiasa vola ambadika ahazoana tombony mihoapampana. Tsara raha atao fantatry ny vahoaka malagasy ny marina sy ny tohin'ity raharaha ity. Ary tsy tokony efa nisy fanadihadiana ve mahakasika ny loharanombola sy ny lalambola rehetra nentina nanao ny fanondranana ireny? Fa tokony ho fantatry ny rehetra miharihary ihany koa ny fomba nanadiovana izany sy ireo olona tena nisitraka ny tombontsoa azo tamin'ny alalan'ny fandripahana ny harempirenena. Misy sampandraharaha misahana izany eto amitsika koa miangavy azy hanao ny asany. Aiza ho aiza ny Samifin momba ny loharambola sy ny famotsiambola momba ny resaka bois de rose io.

***Ny Valosoa***

TIM Ambohidratrimo

## Velona ary vonona hiatrika ny fifidianana ho avy

Misy ny fotoana hanginana, ary misy ny hitenenana ; taorian'ny fifidianana filohan'ny Repoblika iny, izay naha-tohina ny mpomba ny filoha Marc Ravalomanana tanteraka ihany tamin'ny voka-pifidianana navoakan'ny CENI sy ny HCC, nisian'ny halabato be vata dia mijoro ny vondrona TIM.K25 ao amin'ny distrikan'Ambohidratrimo, satria ny tantara tsy maintsy mitohy, ary tsy azo avela hanjaka ny tsy fahamarinana. Noho izany, vonona ireo mpikatroka ny hibata fandresena amin' ny fifidianana solombavambahoaka ho avy eo . Nanombohana izany dia natao izay hampiraisana ny mpikambana TIM. K25 ao amin'ny distrikan'Ambohidratrimo. Nisy ny fifampiarahabana tratry ny taona ny TIM.K25 tao Ambatolampy Tsimahafotsy ny faran'ny herinandro teo. Nanotrona izany teny an-toerana ny solombavambahoaka teo aloha sady filohan ny Distim Ambohidratrimo, Mamy Rabenirina. Tokana ny tanjona hoy izy ireo, na iza na iza kandida ho tohanan'ny antoko TIM ao Ambohidratrimo dia vonona hibata fandresena izy ireo .

***Helisoa***

## NY TENY FIAINANA

*Ohabolana 25:12*
*Kavim-bolamena sy firavaka volamena tsara ny mpananatra hendry, raha amin'ny sofina mihaino.*

## facebook NY VALOSOA VAOVAO

### Mitohy ny fifamaliana faty eo amin'ny TGV/MPAR sy ny HVM

**Arp Helisoa :** izay izany ilay fiainana eto Madagasikara. mifamaly faty . Hita fa famaliana faty ny HVM mihitsy amin'izao fotoana no ataon'ny TGV/MAPAR amin'ny fisambotsamborana ankehitriny momba ny resaka bois de rose. Vao 1volana no nitondra dia efa olona firy no nogadraina? Iza indray izany no hosamborina manaraka e?

**Marie Bernadette Raharisoa :** lem no hosamborina manaraka e! hihihiiiii!!

**Hertinah Rah :** isan'andro tompoko misy mpanao ratsy sy mpangalatra migadra foana fa tsy tato anatin'ny 1 volana fotsiny.

**Lalahery Ranaivo :** ilay fanagadrana mifono endrika politika no resahana eto fa tsy ny halabotry sy vakitrano ô! Hita mihitsy valifaty ataon'ny TGV/MAPAR amin'ny HVM ilay izy. Mifamono marina ny samy Mafià araka ny nolazain'ny gazety Ny Valosoa Vaovao ny sabotsy teo.

**Hertinah Rah :** satria v mialokaloka amin'ny fanaovana politika ireo mpibizn sy mpangalatra dia tsy azo samborina sy gadraina fa ambonin'ny lalàna?

**Andrianiainaharijaona Miamitsoa :** aleo kosa aloha ny lalàna mba hampiharina eh sa ve diso izany? na izany aza, aza hasiana mizana tsindrin'ila, sambory koa ireo olon'ny TGV/MAPAR nanao sy mbola manao ity resaka andramena ity.

**Zacharie Rakotoarisoa :** fa tsy ilay rangahy kely io ihany ve no nilaza fa izay nampiharana ny lalàna sy nofonjaina teo aloha dia noho ny jadona daholo? "Ny anao, hoy izy, dia managadragadra foana". Tadidiko iny. Izao kay ataony koa ilay managadragadra foana.

**Tita Ramanandraibe :** fa rehefa mahay misolelaka sy mandrotsaka kosa angambany ireo akamakama fahiny mety tsy ho hatahorana ny higadra izany ka. Ady anatiny eo amin'ny samy Mafià io no hanahirana sy mety hampirodana haingana an-dRajoelina.

## TONONKALO

### Tsy misy fiovana

Nalana ny mpibizina dia tonga ny mpibizina.
Nisinda ny haizi-ngaly dia tamy indray ny ngizina.
Nesorina ny tetsy, nakarina ny tatsy.
Ny fomba amam-panao, vao mainka miharatsy!

Jerena toa hoe vao, fa hay ny tonta ihany
No mifandimbindimby manohy ny hadalàny.
Ny hadisoana omaly, miverina sahady,
Fa mifanafin-keloka ny samy kamarady.

Mitohy ny aferafera, tsy misy fijanonana.
Dia any ho any koa, mitohy ny fifandonana.
Ny ngeza samy ngeza, indreo mifampihantsy,
Ka sahy mifanagadra sy mifamely fantsy.

Tsy lanitra mamiratra na rivotra madio,
Tsy izany velively no miandry antsika anio,
Fa ny adin-dRatiavola, sy ny adin-dRatiatena
No indro fa mitohy, ka mainty izay jerena.

Tsy misy fiovana, tsy misy fihatsarana.
E maizina tanteraka ny lalana hombana !
Ny manana fanahy, misento hoe "indrisy",
Fa lasa i Kotozafy dia tonga i Lekisisy !

***DADAN'i ZINA (17-02-19)***

## An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka, Helisoa

Ny fifampiarahabana nataon'ny TIM tetsy Ambatolampy Tsimahafotsy.









## Sakafo Ny Valosoa



Laoka tsotra mety tsara ho an'ireo mifady hena sy voatabia indray no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Mety ho navesatra ny laoka ny faran'ny herinandro teo. Ny laoka anio dia anandrano sy atody.

### NY VALOSOA sy Mahavariana

## Ireo legioma sy voankazo 3 ampiarahana, mamotika tavy

Ireo legioma sy voankazo 3 ampiarahana ka mamotika ny tavy amin'ny vatana indray no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Paoma, kaokaombra sy sakamalaho. Akora ilaina : paoma 1, kaokaombra 1, sakamalaho 40g. Fikarakarana : diovina tsara ny paoma ary tsy voasana. Voasana kosa ny kaokaombra sy ny sakamalaho. Tetehina madinika ny sakamalaho dia arotsaka ao anaty rano 250 ml vao mangotraka. Alefa ao anaty "mixeur" ny paoma sy kaokaombra voatetika madinika. Alefa ao koa ny ranona sakamalaho miaraka amin'ireo sakamalaho dia totoina ny fangaro. Tsy tantavanina akory fa sotroina amin'izao na dia somary misy faikany aza noho ireo hodi-paoma. Ao anatin'ny hoditry ny paoma rahateo no tena ahitana ilay "fibres" "pectine" betsaka. Io fangaro na jus io dia mamotika ny tavy, na mampihena tena. Tombony azo : be "fibres", "flavonoines" ary vitamina C ny paoma. Sady mandrindra ny tahan'ny siramamy ao anaty rà ny paoma no mandrisika ny metabolisma hiasa tsara. Mahavoky be rahateo izy noho ny fiasan'ny "pectin". Be rano sady be mpanala arafesina kosa ny kaokaombra. Manana fahafahana manavao ny sela ao anaty izy sady manamandina ny ao anaty no mahavoky ihany koa. Raha ireo roa ireo no ampiarahana amin'ny sakamalaho dia vao mainka mitombo be ny fahafahany mandoro tavy. Sotroina amin'ny vao maraina raha mbola tsy misy na inona na inona ao anaty vavony.

### NY VALOSOA sy Mahavariana

## Ny tanànan'i Maroantsetra any amin'ny faritra Analanjirofo



Ny tanànan'I Maroantsetra any amin'ny faritra Analanjirofo indray no Mahavariana sy Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Kaominina an-drenjivohitra i Maroantsetra, renivohitry ny distrikan'i Maroantsetra. 10 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Ara-tantara, Ambatomasina no anaran'i Maroantsetra fahiny. Nisy mpiady avy any andrefana tamin'izany te-hifehy an'Ambatomasina, Ndavaka no anarany, tsy nanaiky anefa ny mponina ka nanomana fiadiana maro: Antsetra na tsipika niadiana taminy. Natahotra i Ndavaka noho izany ka izany no anisan'ny nitarika ny fahareseny. Ny Antsetra maro na Maroantsetra no nahatonga ny faharesen'i Ndavaka, ka lasa Maroantsetra no anaran'ny tanàna avy eo fa tsy Ambatomasina intsony. Ao amin'ny Helodranon'i Antongil no misy ny tanàna, misy ihany koa ny fidirana amin'ny valan-javaboaharim-pirenen'i Masoala sy ny valan-javaboaharin'ny Nosy Mangabe. Mpamboly ny any Maroantsetra, ao ny vary, ny vokatra fanondrana: jirofo sy lavanila. Mampalaza azy koa ny fizahantany sy ny tontolo iainana noho ireo valan-javaboahary any.

## Romana 10: 1-4

# Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 112), Madagasikara 17 febroary 2019

***Romana 10: 1-4 "Ry rahalahy, ny irin'ny foko sy ny angatahiko amin'i Jehovah Andriamanitra ho an'ireny dia famonjena. Fa vavolombelon'ireny aho fa mazoto ho an'i Jehovah Andriamanitra izy, saingy tsy araka ny fahalalana. Fa satria tsy nahalala ny fahamarinana avy amin'i Jehovah Andriamanitra izy ka nitady hanamarina ny tenany, dia tsy nanaiky ny fahamarinana avy amin'i Jehovah Andriamanitra. Fa Kristy no faran'ny lalàna ho fahamarinana ho an'izay rehetra mino."***

Raha mazava aminao tsara izay ambara dia fantatrao ny tiako atao ho fampandrosoana ny FANJAKAKO. Vakio tsara ny Baibolinao fa i Filipo dia sady misionera (iraka) no evanjelisatra. Averiko foana matetika dia miaraka izy roroa, ***Asan'ny Apostoly 8: 5-6*** *"Ary Filipo nidina tany an-tanàna any Samaria ka nitory an'i Kristy tamin'ny olona tao. Ary ny vahoaka betsaka dia niray hevitra nihaino izay nolazain'i Filipo, raha nandre azy sy nahita ny fahagagana nataony."* Amin'ny maha evanjelistra azy dia nomena azy koa ny Fanomezam-pahasoavana mitaona fanahin'olona. Inona indray izany? Izao no Teniko aminareo, rehefa nomena izany FANAHY mitaona izany ny evanjelisatra dia toy izao ny zava-miseho: ny Teny dia AINA= FIANANANA, ny AINA = AFO, ny AFO dia mamelona, izany hoe raha tena evanjelistra nomena ny Fanomezam-pahasoavana izy dia miasa ireo HERY ireo ka dia babo izay mihaino azy. Eto dia marihiko tsara rehefa miasa ireo Hery nomena ireo dia fanahin'olona ho an'i JESOSY no voataona fa tsy amin-javatra hafa akory. Ny mpitaona fanahin'olona izany dia mitory an'i JESOSY sy ny momba AZY rehetra. Ilay Filazantsara e!

Ny nahaterahany sy ny antony

Ny fahafatesany sy ny fitsanganany tamin'ny maty ary ny antony

Ny fihaviany indray sy ny antony koa

Averiko JEHOVAH hatrany, ***Asan'ny Apostoly 8: 6*** *"Ary ny vahoaka betsaka dia niray hevitra nihaino izay nolazain'i Filipo, raha nandre azy sy nahita ny fahagagana nataony."* Ny evanjelistra ihany koa dia ampiarahana aminy ny fahagagana, ny fandroahana fanahy maloto, ***Asan'ny Apostoly 8: 7*** *"Fa ny fanahy maloto niantso tamin'ny feo mahery, dia nivoaka tamin'ny maro izay nanana azy; ary maro ny mararin'ny paralysisa sy ny mandringa no nositraniny."* ao koa ny Fanomezam-pahasoavana manasitrana. Tsy fahagagana izany na manahirana ny hafa ny mahita evanjelistra manasitrana karazana aretina isan-karazany satria natao hiaraka amin'izany fahasoavana izany. Nitondra fifaliana teo amin'ny tanàna sy ny vohitra nolalovany ny fahatongavan'ny evanjelistra ao amin'ny tanàna anankiray, ***Asan'ny Apostoly 8: 8*** *"Dia nisy fifaliana lehibe tao amin'izany tanàna izany."* Ny evanjelisatra koa dia nomena ny Fanomezam-pahasoavana fahalalana ohatra tonga dia ampahafantarin'ny Fanahy Masina ny zavamisy eo an-toerana mandritran'ny fitoriana. Hoy ny Evanjelistra : eto dia misy vehivavy mivonto eo amin'ny ila-kibony ary manaintaina azy isaky ny tsinambolana izany, manantona izy ety, manantona ravehivavy, ametrahany tanana ka dia sitrana. Aza atao mahagaga izany fa anjarany ka aoka tsy hifamingana na hifampialona. Ka na inona na inona aretina misy eo am-pitoriana, paralysisa, jamba, moana, boka, marenina,sns.. tonga dia sitrana satria jesosy KOA EFA NITSO-DRANO NY Apostoly nanao hoe ***Matio 10: 7-10*** *"Ary raha mandeha ianareo, dia mitoria hoe: Efa mby akaiky ny fanjakan'ny lanitra. Sitrano ny marary, atsangano ny maty, diovy ny boka, avoahy ny demonia; efa nahazo maimaimpoana ianareo, koa manomeza maimaimpoana. Aza mitady volamena, na volafotsy, na varahina, ho ao anatin'ny fehin-kibonareo, na kitapom-batsy ho amin'izay haleha, na akanjo roa, na kapa na tehina; fa ny mpiasa dia miendrika hahazo ny haniny."* Izany hoe ny ASA izay atao dia miaraka amin'ny HERY sy FAHEFANA nodidian'i JESOSY. Tsy amin'ny herin'olombelona na fahaizan'olombelona izany no anaovana ny ASAKO sy anangana ny FANJAKAKO fa amin'ny herin'ny FANAHY MASINA sy FINOANA ary FANKATOAVANA. Ny Evanjelistra izany dia natao hanangona fanahin'olona very, ireo izay tsy mbola mahalala an'i JESOSY ho fiainana sy Mpamonjy ary Mpanjaka, ***andininy 7***: *Efa mby akaiky ny Fanjakan'ny Lanitra.* Izany hoe izay rehetra mandray ny TENY sy mandray izany ho fiainana dia manakaiky azy ny fahatongavana ao amin'Ilay Fanjakana, satria nahoana? Ny toritenin'ny evanjelistra dia miompana foana amin'ny FIBEBAHANA sy ny FAMELAN-KELOKA mba hananany an'i JESOSY, hamela ny helony rehetra sy hanomezany azy ny famindram-po. Ny toriteny ataon'ny evanjelistra dia mampandray ny olona an'i JESOSY sy izay mihaino mba hino AZY ho Mpamonjy sy Mpanjakan'ny fiainany. Ny evanjelistra dia natao hitaona ary rehefa voataona ireo mino izay manambara taminy tsy avotsotra fa mitohy ny ASA mankany amin'ny fanaovana ny Batisan'ny Rano rehefa niaiky ny fahotany ny olona ka voavela ny helony. Io ilay asan'i JAONA e! Tsarovy fa izy koa dia misionera evanjelistra. ***Asan'ny Apostoly 8 : 9-13*** *"Ary nisy lehilahy anankiray rahateo teo an-tanàna, atao hoe Simona, izay nanao ody ka nahatalanjona ny olona tany Samaria sady nandoka tena nanao azy ho zavatra; ary nihaino azy ny olona rehetra, na ny kely na ny lehibe, ka nanao hoe: Ity lehilahy ity no herin'Andriamanitra, izay atao hoe hery lehibe. Ary nihaino azy ny olona, satria efa ela no talanjona tamin'ny odiny. Ary rehefa nino an'i Filipo nitory ny teny soa mahafaly ny amin'ny fanjakan'Andriamanitra sy ny anaran'i Jesosy Kristy ireo, dia natao batisa avokoa na lahy na vavy. Ary Simona koa mba nino; ary rehefa natao batisa izy, dia nanaraka an'i Filipo. Ary talanjona izy, raha nahita ny famantarana sy ny asa lehibe izay natao."* Hitanareo amin'izany ary fa na ny mpanao ody ratsy aza dia resy lahatra (Simona), talanjona izy noho ireo famantarana sy fahagagana nataon'i Filipo. Izany no tena ASA LEHIBE sy asan'ny Fanahy Masina tokony mbola ho hita sy misy fa aza ovaina ry Fiangonana o!

Amen! Haleloia!

JEHOVAH MPANJAKA MANDRAKIZAY

Telephone : ***033 12 461 43***

E-mail:
jehovahandriamanitra@gmail.com

Facebook : Jehovah Andriamanitra page

Radio:

Antsiva, FM 97.6, Alarobia maraina 5ora 45min- 6ora

Soa Radio, FM 96.8, Alahady maraina 6ora 30min -7 ora

RMK, FM 102.4, Asabotsy 12 ora -12 ora 30min

Gazety Ny Valosoa Vaovao (www.gvalosoa.com): mivoaka Talata sy Asabotsy

## CUA SY NY MPIARA-MIOMBON'ANTOKA

# Hatao "beton" sy havaozina ireo lakandrano manodidina an'i Besarety



*Ny fivoriana tetsy amin'ny lapan'ny tanàna Analakely, momba ny fanamboarana ireo lakandrano eny Besarety sy ny manodidina.*

Ho fandrindrana ny fanatanterahana ny asa fanamboarana lakandrano manodidina an'i Besarety Boriboritany faha-3, Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), miainga eny amin'ny Rasalama mihazo an'i La Rotonde, ka hatreny Ambodimanga dia nampiantso ireo mpiara-miasa sy mpiaramiombon'antoka ny tao anivon'ny CUA, notarihan'ny lefitra voalohan' ny ben'ny tanàna, Olivier Randrianarisoa, nahitana ihany koa ny foibempitondran'ny asa vaventy na ny Direction des travaux public (DTP) an'ny kaominina sy ny DTMU, na ny foibem-pitondran' ny fitaterana sy ny fifamezivezena an-drenivohitra. Tapaka nandritra ny fivoriana fa hatomboka ny asa fanaovana "beton" ny lakandrano eo amin'ny manodidina an'i Besarety, izay haharitra enim-bolana ka hatramin'ny herintaona. Havaozina tanteraka ireo lakandrano rehetra, ankoatra ny fanadiovana nahazatra ny CUA. Hisy koa ny asa hatao amin' ny alina, mba tsy hisian' ny fanelingelenana ny fifamoivoizana. Isan'ny voakasika ny asa amin' ny lalana mihazo ny RN 2 mirefy 5,5 Km; ny RN 3 mirefy 10 Km ary ny RN 4 mirefy 9 Km. Tonga nandray anjara avokoa ny eo an'ivon'ny Samva, Jirama, ATT, Telma sy ny Direction Régionale Travaux Public, Police Municipale. Marihana fa efa tetik'asa tamin'ny taona 2015 izy ity, saingy izao vao feno ny famatsiambola avy any amin'ny Banque Européenne d'investissement (BEI) hanatanterahana ny asa araka ny fanazavan'ny DTP ny CUA, Rakotomanga Rindra. Tompon' anjara koa ireo Delegen'ny Boriboritany voakasika dia ny Boriboritany faha-6, faha-5, ny faha-3 ary Boriboritany voalohany, miaraka amin'ny ben'ny tanànan'i Sabotsy Namehana. Efa vita avokoa ny fanadihadiana rehetra izay raisin'ny Bureau d'Étude an-tanana miaraka amin' ny CUA.

***Isambilo***

## Baolina kitra

# Voahosotra ho tompon-dakan'ny ligin'i Bongolava ny AJESAIA



*Ny AJESAIA, tompon-daka Diviziôna Voalohany, ligin'i Bongolava.*

Voahosotra ho tompondakan'ny Ligin'ny Baolina kitra any Bongolava Diviziôna Voalohany ny Ekipan i Ajesaia. Nandritra ny lalao famaranana ny alahady lasa teo, isa 7 no ho 0 no nandresen' ny Ajesaia ny ekipan'ny Bel' Air any Tsiroanomandidy. Vokatra hafa, niondrika tamin'ny isa mavesatra 6 no ho 1 teo anatrehan'ny As Andry ny Fc Mireille, lalao izay notontosaina tao amin' ny Kianja Maintso Tsiroanomandidy. Tamin'ireo lalao rehetra nataony dia efa nisongadina hatrany ny Ajesaia. Lalao : 09, fandresena : 08 ady sahala : 01, faharesena : 00, totalin ' ny isa : 25, karatra mena : 02, karatra mavo : 06. Mpilalao mendrika : Narindraniaina Nanie (AS Bel' Air), mpamono baolina : Rajoarimanana Yvan (14 Buts), mpiandry harato mendrika : Ratsimbazafy Manda (Ajesaia). Efa nanomboka ihany koa ny lalao ho an'ny fiadiana ny ho tompondaka ho an'ny Diviziona Faharoa ao amin'ny ligin'i Bongolava.

***Serge***

## Angôvo

# Manimba ambiansy ny delestazy

Tsy toko tsy forohina ireo taraina momba ny delestazy nitranga tato ho ato izay, tao ireo nilaza tamin'ny faran'ny herinandro lasa teo fa simba ny fahitalavitra sy radio, ireo fitaovana eletrika sy elektronika hafa koa dia nahitana fahasimbana noho ny fahatapatapahana nitranga, ka nanjary olana mavesatra isan-tokantrano mihitsy. Ny sabotsy sy alahady dia maro ihany koa ireo nimenomenona manerana ireo fiangonana sy eglizy, satria ankoatra ny delestazy efa lavareny dia simba tanteraka ny ambiansy noho ireo feo nitabataba naloak'ireo gropy, izay tsy maintsy napetraka nandritra ny fotoam-pivavahana sy ny lamesa, satria na ny lakolosy fanairana aza dia ilaina herinaratra avokoa amin'izao fotoana. Raha fintinina dia vetsatra ho an'ny fiaraha-monina sy ny isan-tokantrano, sy ny manodidina azy ny delestazin'ny Jirama, satria mbola vola mivoaka ihany koa ny lasantsy ilaina amin'ny gropy ampiasaina eo. Tokony hahatonga saina ny tompon'andraikitra izao taraina maro azo.

***Beharo***

Tsiroanomandidy

## Ny antsipiriany momba ny fahavakisan'ny fonja

Vaky ny sabotsy tolakandro teo ny fonjan'i Tsiroanomandidy any amin'ny faritra Bongolava. Nisy ny fanararaotana fitsoahana nataon'ireo voafonja tao amin'ny Fonjan'i Tsiroanomandidy tamin'izany. Nanao amboletra teo ambaravarana nanaraka ireo mpivavaka Advantista izay nanao fotoam-pivavahana tao toy ny mahazatra isaky ny sabotsy ireo gadra nitsoaka, araka ny fanazavan'ny tale iraisam-paritry ny fandraharahana ny fonja Itasy-Bongolava Ramamonjisoa Noelson Berthin. Natosik'ireo voafonja ireo mpiambina 4 tao anatiny, ary nanafika avy hatrany izy ireo tamin'ny alalan'ny ranon-tsakay, tora-bato ary hazo maranitra. 10 lahy izy ireo no tafavoaka tamin'izany, ary efa tratra ny 2. Nisy tamin'ireo mpandraharahan'ny fonja no naratra tamin'ny fifanjevona ary efa nahazo fitsaboana, tsy nisy kosa ny aina nafoy. Karazana fitsoahana faobe no nokasain'ireto voafonja ireto natao, saingy voatohitr' ireo mpiambina izany. Toerana fanitsiana sy fitaizana ny fonja ka ilaina ny fotoam-bavaka, tsy ho foanana akory izany hoy ny fanazavana fa ny fanamafisana ny fanaraha-maso no hatao. Fepetra noraisina ihany koa ny tsy fahafahana manao famangiana ao anatiny, zon'izy ireo kosa ny misakafo ka azon' ny fianakaviana atao tsara ny manatitra izany. Ny tsikaritra dia efa mihoatra ny fenitra tokony ho tazonina no isan'ireo voafonja ao amin'ity fonja ity, avo telo heny nefa tsy misy ny fikarakarana ny foto-drafitrasa. Efa maro hoy hatrany ny eo anivon'ny fandraharahana ny fonja ny fangatahana fanitarana sy fanatsarana saingy tsy mbola nisy valiny, ny sakafo hanin'ireo voafonja ihany koa efa tsy maharaka intsony. Manentana ny olona hatrany ny komandin'ny Zandarimaria ao Bongolava, ny Kolonely Andrianambinina Olivier mba hanampy ny mpitandro filaminana amin'ny fanomezana loharanom-baovao. Naparitaka ihany koa ny 'Avis de recherche' mikasika azy 8 lahy mbola tsy hita. Fantatra fa olona mpiray afera ary iray efitrano ireto voafonja tafatsoaka ireto, ka mbola karohina izao:



*Ireo mpiandry fonja sy mpitandro filaminana any Tsiroanomandidy.*

Miisa 4 ireo voatana amponja fa mbola tsy voatsara tafatsoaka :

- TOKINIAINA Tantelimpiononana; MD: 05/10/18 pour vol qualifié.
- HIARIVONJINIAINA; MD : 25/05/18 pour coups mortels.
- RAKOTONDRAVELO Etienne; MD : 04/05/18 pour meurtre suivi de vol.
- ANGEN dit Alise; MD: 04/01/19 pour vol dans un lieu habité.

Miisa 4 ihany koa ireo gadra efa voaheloka :

- NOMENJANAHARY Manacé, condamné à 05 ans TF ; 05 ans IS pour vol d'un bovidé ; libérable le 13.04.23.
- RAKOTOARIVELO Jean Victor, condamné à 5ans TF; 05 ans IS pour vol d'un bovidé, libérable le 13/04/23.
- RANDRIAHERINARIVO Joseph, condamné à TFP pour vol suivi de meurtre.
- RABENAIVO Emile Rochel, condamné à TPF pour vol suivi de meurtre.

***Serge***

Tranga hafahafa

## Fatin-jaza menavava nosavoritahin'ny alika

Mbola tsy fantatra hatramin'izao ny renin'ilay zaza menavava nifampisintonan'ireo alika, avy any amin'ny lobolobo tsy lavitra ny tranom-paty teto amin'ny CHRR Besopaka Sambava, ny herinandro lasa teo. Araka ny zava-nisy tokoa mantsy, vao maraina tokony ho taminy 7 ora, dia alika maromaro no nifandrirodrirotra ity aina tsy manan-tsiny ity, ka nizara roa hatreo aminy kibony ilay zaza, ny tapany ambany lasan'ny alika maromaro nankany anaty lobolobo, ny tapany ambony, nentin'ny sasany nitety ny arabe nihazo ny lalam-pirenena, nivoaka ny tokontanin'ny Hopitaly, ka tavela teo afovoan'ny arabe goudron na tara, ny tapany ambony sy ny tanany havia, araka ny fahitana azy teo dia mbola zazamenavava dongandonga ihany ilay izy, ary tsy misy ahafantarana azy na lahy na vavy, satria efa lanin'ny alina ny tapany ambany. Niteraka fitohanan'ny fifamoivoizana nandritra ny ora vitsivitsy ny fijanonan'ilay razana teo, fa mbola niandry ireo tompon'andraikitra hijery izany. Fotoana vitsy taty aoriana dia tonga avokoa ireo avy amin'ny fitandroana ny filaminana, ny avy ao amin' ny Ministeran'ny mponina, ny sefo fokontany Besopaka. Taorian'ny fizahana natao dia naterina teny amin'ny fasana Anjia( fasambahiny) ity fatin-jaza menavava sisan'ny alika teto Sambava ity. Tsy mbola fantatra kosa izay mety ho reniny, ary ny antony nahatonga izao, na zaza nariana, na zaza maty avy ao amin'ny Hopitaly no natsipy. Ny ampitso no hilaza izay marina momba ity raharaha ity.



*Ny tanànan'i Sambava any amin'ny faritra Sava.*

***Zaka***

**SARIITATRA:** Ireto 3 ireto no mitoetra ankehitriny : veli-rano, veli-vato ary veli-jiro




Fitsinjarana ny taon-tsekoly

## Efa kitoatoa hatrany am-boalohany ny taom-pianarana 2018- 2019

Novana ho toy izao indray ny fitsinjarana ny taon-tsekoly amin'ity taom-pianarana 2018-2019:
Tapany voalohany : 19 novambra ka hatramin'ny 21 desambra 2018. Tapany faharoa: 7 janoary hatramin'ny 12 aprily 2019. Fialantsasatry ny Paska : 13 aprily ka hatramin'ny 28 aprily 2019. Tapany fahatelo: 29 aprily ka hatramin'ny 30 aogositra 2019. Andron'ny sekoly : 27-28 febroary sy 01 martsa 2019.
Hita fa efa tena kitoatoa hatrany am-boalohany ny nitsinjarana izany satria ny foto-kevitra tamin'izany dia ny hamindrana ny fidirana ho janoary amin'ny taona manaraka rehetra. Efa nampiharina teto Madagasikara tany aloha io fampidirana mpianatra amin'ny aty fahavaratra io saingy ny mpitondra tamin'izany ihany no namerina ny fidirana ho septambra taty aoriana, rehefa nahatsapa fa tara fidirana any an-dafy ny zanak'izy ireo sy ny manan-katao afaka baccalauréat satria ny any Eoropa dia tsy miova fa septambra no fidirana. Aty Madagasikara anefa tamin'izany vao miatrika fanadinana baccalauréat ny mpianatra ny volana septambra, ary dia tara herintaona ireo zanaky ny mpanana maniry hisoratra any amin'ny Oniverskite any an-dafy tamin'izany. Efa tsy nety teto Madagasikara tamin'izany ny fanombohana taon-tsekoly volana janoary satria sady tena fahavaratra no tsy mifanaraka amin'ny taon-tsekoly eran-tany nefa dia mbola tian'ny fitondrana teo aloha sy ankehitriny ho tanana ihany hatramin'izao fa tsy fantatra mazava izay antony. Araka ireo ambony ireo dia 4 herinandro ny tapany voalohany, 14 herinandro ny tapany faharoa, 18 herinandro ny tapany fahatelo. Ny tsara sy mahazatra hatrizay dia manodidina ny 12 herinandro hatrany ny tapany telo amin'ny taon-tsekoly. Araka ireo ambony ireo anefa dia tena tsy voahaja izany fa ny tapany voalohany dia tena fohy dia fohy ( 4 herinandro) ary ny tapany fahatelo faran'izay lavabe (18 herinandro) raha tokony ho maivana ny amin'ny tapany farany mba tsy hanavesatra ny lohan'ny ankizy mialohan'ny fanadinana. Ny datim-panadinana araka ny naely dia naroso herinandro daholo tamin'ny fanitsiana farany natao. Izao anefa dia re fa mety hiverina amin'ny teo aloha ihany na amin'ny daty tsy fantatra mihitsy. Izany no fitantanana ny fanabeazana eto Madagasikara tao anatin'ny tetezamita, ka mandrak'ankehitriny. Ny politika hatrany no mibaiko ny fanabeazana, ka tsy mahagaga raha mitotongana isan-taona ny fari-pahaizan'ny zaza Malagasy. Ny nahavariana sy nampieritreritra anefa raha ny voka-panadinana farany teo no jerena dia niakatra ny taham-pahafahampanadinan'ny mpianatra tamin'ny taona 2018, araka ny tatitra nivoaka. Tao ny rivodoza, vacances de peste, grevy efa ho 3 volana teo amin'ny sehatry ny fampianarana ka nahatapaka ny fampianarana tamin'izany nefa nahazendana ny maro fa niakatra ny isan'ny afa-panadinana. Vokatra namboamboarina tahaka ny voka-pifidianana koa ve izany sa ahoana ?

***Ny Valosoa***

Eric Fou-Hehy

## Mbola mila 75000 Euros amin'ny fitsaboana azy




Any Inde i Eric Rakotoarimanana, na i « Eric Fou-Hehy » ankehitriny mitsabo tena. Tsy mbola nisy ny fandidiana natao azy noho ny toe-pahasalamany. 20% amin'ny atiny sisa no miasa ary tsy maintsy hatao miaraka ny fandidiana ny aty sy ny voa. Mila fandidiana maika izy noho izany. Fantatra ireo omaly tolakandro nandritra ny tatitra mahakasika ny toem-pahasalamanan'i Eric Fou-Hehy nataon'ireo mpiara-miasa aminy akaiky, tetsy amin'ny Efitrano Gisèle Rabesahala, Tranombokim-pirenena Anosy. Nisaotra ireo izay nanampy azy hatramin'izay izy ireo, ary mitodika manokana amin'ireo malala-tànana ny tenany amin'ny fanampiana ara-bola satria mbola misy 300 tapitrisa Ariary na 74 875 Euros, 75000 Euros latsaka eo ny vola ilaina amin' ny fitsaboana feno. Ny nomerao hahazoana an'i Eric Rakotoarimanana any Inde dia ny : + 91 70 39 33 76 41
Serasera eto an-toerana : 032 62 859 25 ; 034 82 318 15.

***Ny Valosoa***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka sy Helisoa

Ny fivoriana nandinihina ny hanamboarana ireo lakandrano etsy Besarety sy ny manodidina tetsy amin'ny Lapan'ny tanàna Analakely.









Ny fifampiarahabana tratry ny taonan'ny TIM K25 tany La Réunion.





Ny fitsaboana maimaimpoana nataon'ny Boriborintany faha-4 ireo tra-boina tetsy Ampamarinana, tao amin'ny INFP.



